# *NY HELO SY NY LANITRA: hafatra ho anao*

Ny voninahitra dia ho an'Andriamanitra irery ihany.

Ity "article" soratako androany ity dia fitantarana ny fijoroana vavolombelona izay nataona tovolahy iray (Yves no anarany) tao @ fiangonana misy anay, omaly alahady 27 marsa 2011.

Tsy dokam-barotra velively ho an'izany fiangonana izany sanatria na hoe fiantsoana anareo hiala @ fiangonana misy anareo ka hiditra ao @ fiangonana hivavahanay na koa fanaratsiana fiangonana hafa no anton'izao fa Jesosy mihitsy no nanafatra ka manatanteraka izany hafany izany izahay ankehitriny.

Tsy tantara foronina izy ity sanatria fa tena zavatra nihatra sy niainan'i Yves ary nataon'iTompo taminy mba hilazan'Andriamanitra ny tokony hataontsika rehetra ety an-tany amin'izao fotoana efa hahatongavan'i Jesosy izao, izay tsy ho ela intsony.

Ny fanahin'Andriamanitra anie hiasa ao anatinareo, hendresy lahatra anareo ary koa hanananareo faharetana eo am-pamakiana izao hafatra izao.

---

Volana vitsivitsy talohan'ny nisehoan'i Jesosy tamin'i Yves, dia nanao fahagagana lehibe taminy Andriamanitra: Misy lesona sahady eto hoe "rehefa manao fahagagana tsy takatry ny sain'olombelona aminao Andriamanitra dia tadidio fa misy "mission" tian'Andriamanitra hotanterahinao.

Voan'ny lozam-pifamoivoizana tamin'ny "moto" izy tamin'ny faraparan'ny taona 2010. Voadona mafy ny lohany tamin'izany. Nentina tany amin'ny dokotera izy ary natao ny scanner mba hahalalana izay tena zava-misy ao anaty lohany ao.

Fantatra tamin'izany ary fa nisy rà niandrona tao, izay voalazan'ny dokotera fa tsy maintsy esorina satria mety hiteraka fahafatesana ho azy ao anatin'ny andro maromaro. Nilaza mihitsy aza ilay dokotera hoe "efa "phase finale" no mahazo anao ry Yves ka tsy maintsy ho didina ianao satria mety ho faty ianao raha tsy atao haingana izany".

Marihina aloha fa olona mbola tanora i Yves ary be hanihany be. Mino sy matoky ny herin'Andriamanitra eo amin'ny fiainany anefa izy.

Nandà mafy ny @ izany handidina ny lohany izany izy.

Hoy izy tamin'ny dokotera: "tsy didina zany mihitsy aho ary tsy hosokafana izany ny lohako, fa zao, aleo Andriamanitra no hitsabo an'io fa hainy ny zavatra rehetra".

Nanakiana azy avokoa ny olona rehetra tao an-tranony, indrindra fa ny rainy. Ilay dokotera moa dia kivy mihitsy hoe "bandy mafy loha be n'edala".

Nandritra ny andro vitsivitsy dia nianarary tanteraka ny lohany. Manao "crise" isaky ny amin'ny 2ora maraina ary tena hila hitresaka ny atidohany mandritra izany fotoana izany. Nahatsapa tena ho nijaly tanteraka izy t@ izany fotoana izany.

Nisy fotoana aza izy efa safotra mihitsy ary somary arahina olona izy indraindray sao maty an-dalana.

Niezaka ny nandresy lahatra azy ny dokotera ny @ fandidina tsy maintsy hatao aminy saingy nilaza foana izy hoe “aleo Jesosy no hanasitrana an’io fa tsy didina zany ny lohako. Hainy io !”.

Nandeha teny ny andro, ny rainy efa nanomboka sorena. Ny bandy namany efa milaza azy ho “adala”, saingy tsy naharesy lahatra azy izy ireo. Tsy nety hodidina mihitsy izy.

Indray alahady hariva ary dia nisy fametrahan-tanana ho amin’ny fanasitranana tao amin’ny fiangonana misy anay (misy an’i Yves ihany koa). Tonga teo amin’ny anjarany amin’izay (satria milahatra moa rehefa hametrahana tanana). Niteny ny mpanompon’Andriamanitra izay nametra-tanana teo amin’ny lohany hoe “amin’ny anaran’i Jesosy, miala aminao ny aretinao rehetra na inona na inona, sitrana ianao”.

Tamin’izay fotoana izay aho, hoy i Yves, dia henoko ho nangoritsina avokoa ny tenako rehetra ary tena tsapako fa niditra tao anatiko ny herin’Andriamanitra izay nanasitrana ahy.

Ny alatsinainy, ampitson’io alahady io ihany dia tsy nihetsika intsony ilay marary an-doha be isaky ny amin’ny 2ora maraina. Tonga saina avy hatrany i Yves ary niteny hoe “tena nositranin’i Jesosy tokoa aho”.

Nandeha tany amin’ilay dokotera mpitsabo azy avy hatrany izy ny talata ampitson’io ary nangataka ny hanaovana scanner ny lohany. Tsy niteny tamin’ilay dokotera mihitsy aloha izy hoe inona no zavatra nitranga fa dia hoe “ataovy scanner ny lohako”.

Natao ny “scanner”. Nivoaka ny valiny. Talanjona ilay dokotera fa tsy nisy na inona na inona, tsy nisy rà nivaingana, madio be ny tao anatin’ny lohan’i Yves. Dia hoy ilay dokotera: “tena aleo averina mihitsy ny scanner-n’ny lohan’ialahy fa sao dia diso ity valiny ity”. Naverina fanindroany ny “scanner”, ary teo ilay dokotera vao tena nino fa afaka tanteraka ilay rà niandrona tao anaty lohany izay efa noheverina fa hampidi-doza azy.

Gaga tanteraka ilay dokotera. Tsy hitany izay nolazainy fa hoy izy tamin’i Yves hoe “Tena manana finoana ialahy ry Yves ary mahery ilay Andriamanitra hinoan’ialahy”.

---

Taorian’izay fahagagana lehibe nataon’Andriamanitra taminy izay dia nisy teny faminaniana nolazain’Andriamanitra tamin’i Yves tao am-piangonana indray alahady maraina izay nanambara taminy fa mila mitory an’i Jesosy izy, ary ho irahin’Andriamanitra hanao ny asany. Voateny tamin’izany mihitsy ny hoe “Yves, miandry anao Madagasikara”.

Tsy dia nivaky loha aloha izy tamin’izany. Izy koa mantsy bandy be hanihany izay sady somary saro-kenatra. Niteny mihitsy aza izy tamin’izany hoe “dia ahoana koa zany hoe “miandry anao Madagasikara?” – Fa maninona no tsy hoe “miandry anao izao tontolo izao” (sady nihomehy ihany izy)

Eny rehetra eny anefa dia misy mampahatsiaro azy foana ny amin’io “mission” voalazan’ny teny faminaniana taminy io. Ary nony taty aoriana dia lasa saina ihany izy hoe “inona tokoa moa zany no tena andrasan’Andriamanitra amiko amin’izany teny izany e” – “inona no dikan’izany?”

---

Tovolahy mpivavaka i Yves mialohan’ny hatory. Indray andro, teo am-pivavahana teo an-tongo-pandriana dia nanontany an’i Tompo izy ny amin’ny dikan’ilay hoe “miandry anao Madagasikara”. Nivavaka, nivavaka, fa eee, tsy nahazo valiny mihitsy. Farany dia hoy izy tamin’i Jesosy hoe “tena raha tsy valinao ‘zao ny dikan’io

Jesosy dia aza foazinao zany aho amin'ny alina a!. Fa aleo rahampitso indray isika miresaka. Avelao aloha aho hatory tsara anio."

Natory izy.Nipaika ny tamin'ny 12ora alina tany ho any. Dia tsy fantatra fa nasain'ny Fanahy Masina nivavaka teo an-tongo-pandriana indray izy.

Nifoha izy, dia nandohalika. Nivavaka ka nivavaka… tao anaty maizina. Nataony "mode silencieux" ny findainy tamin'io fotoana io ary napetrany teo akaikiny teo.

Tampoka teo, (mbola nikipy izy), nisy hazavana be. Dia hoy izy hoe "iza koa ary zany miantso amin'ny alina be zany. Tsy hamaly an'izany aho fa olona tsy milamina no miantso amin'izao alina be zao (sady mbola mikipy ihany izy). Noheveriny mantsy fa ilay findainy nataony "mode silencieux" zay napetrany teo akaikiny no manome ity hazavana hitany ao anatin'ny haizina ity !

Tampoka teo anefa dia nahirany ny masony ary nahita hazavana be tao anaty haizina izy. Gaga izy hoe "inona koa ity". Naheno feo avy hatrany izy niantso ny anarany hoe "Yves" izay malefaka dia malefaka.

Mbola gaga ihany izy hoe iza koa zany miantso izany. Niantso fanindroany ilay feo sady nihamafy: "Yves !".

Nahita tsanganan'Olona teo anoloany izy, taoarin'ilay fiantsoana faharoa : ny vatany sy ny tongony ihany no hita fa ny lohany dia tsy hay jerena satria nanjelanjelatra be.

Niteny io "Olona" io hoe "Fantatro fa mangetaheta mafy ny hahalala ny dikan'ilay hoe "Miandry anao Madagasikara" ianao ry Yves ka raha mety hiaraka Amiko ianao ka matoky Ahy ny amin'izany dia hohazavaiko anao io teny faminaniana azonao io, aorian'ny fitsidiana izay hiarahantsika hatao".

Niahotra aho, hoy i Yves ary niteny taminy hoe "Ahoana moa no hahalalako fa Jesosy ianao? - Asehoy ahy àry aloha raha tena Jesosy marina ianao". – "Asehoy ahy ny tarehinao".

Nihomehy ilay "Olona" sady niteny hoe "Ny endriko tsy ho hitanao fa atsory ny tananao".

Dia nantsotran'i Yves ny tanany ary napetrak'ilay "Olona" teo ambonin'ireo tanan'i Yves roa ireo ny tanany. "Tena tanana hafa zany ry reto a", hoy i Yves. "Mbola tsy nahita tanana tsara ohatra an'izany mihitsy aho: malefaka be, ohatran'ny tanan-jazakely… Tsara e. Tena mahafinaritra be… Tonga dia nahatsapa fiadanana be aho ary niala tato anatiko avy hatrany ilay tebiteby hoe tena Jesosy marina ve ity miresaka amiko ity. Nilatsaka tato anatiko avy hatrany ihany koa ny fandresen-dahatra fa Jesosy no manoloana ahy"

"Manaiky aho ny hiaraka Aminao Jesosy, hoy i Yves, fa ho aiza anefa?"

"Ho entiko hijery ny amin'ny helo ianao, ary ho any an-danitra isika avy eo", hoy i Jesosy

"Ok zany Jesosy", hoy i Yves.

Niara-niainga teo amin'ilay efitrano nisy ahy izahay, hoy i Yves. Ary tena hitan'ny masoko fa niala tamin'ny vatako ny fanahiko. Nihakely tsikelikely ilay vatako mandohalika manao pyjama mivavaka eo an-tongo-pandriana ary tsy hita intsony izany avy eo.

---

Tampoka teo, hoy Yves, nanoloana vavahady vy lehibe iray arafesenina izahay.

Eo ankavanan'i Jesosy no misy ahy, hoy ihany izy. Novohainy ilay vavahady vy be. Nandalo tamina lalan-tsara maizina sady masiso be izahay avy teo (Tsy hitako izay hilazana ny hamaimbon'io "tunnel" nandalovanay io fa tena maimbo be loatra: afangaroy @ fofona voalavo maty ny fofona angavo sy ny fofona zôrdira efa lo … dia ohatra an'izay ngamba no afaka ilazako azy).

Dia niteny tamiko Jesosy, nanao hoe "Ho entiko hijery olona karazany fito ianao anio fa tiako hahita zavatra ianao ary misy zavatra tiako hambara aminao ".

"OK Jesosy", hoy Yves

"Vao niditra tao izahay dia mafana sady mamay be ny toerana. Feno olona mikiakia miantso "vonjeo". Tena tsapako mihitsy izy ireo hoe mijaly tanteraka".

"Andao isika, hoy i Jesosy, ho ery amin'iry rangahy raim-pianakaviana iry fa misy zavatra tiako hohenonao eo".

"Izaho amin'io, hoy i Yves tena torakovitra mahita ny fijaliana be mahazo ireto olona manoloana anay ireto".

Marihina aloha, hoy i Yves, fa rehefa miresaka amin'ireto olona novangianay tao amin'ny helo ireto izahay dia tsy mahita ahy ireo olona ireo fa Jesosy ihany no hitany.

---

Tonga teo amin'ilay raim-pianakaviana izahay :

Nanontany azy Jesosy "Efa ela ve ianao no tonga teto?"

"Efa ela tompoko"

"Efa naheno ny fitoriana na ny fanambarana momba Ahy ve ianao?"

"Eny tompoko, efa naheno aho. Ny ankohonako (vadiko, ny zanako) samy efa nandray an'Andriamanitra daholo fa izaho irery no tsy niraharaha izany, tsy nandray"

Izaho amin'io tena ontsa ny foko mahita an'ilay olona. Tena mijaly. Tsy hoe doran'ny afo fotsiny fa miala ny hodiny, dia lalovan'ny afo, dia avy eo misy hoditra indray, dia doran'ny afo indray. Dia toa izany hatrany.

---

Niala teo amin'io raim-pianakaviana io izahay dia nandeha tao amin'ny efitra iray hafa :

"Hiresaka amin'itsy lehilahy itsy indray isika ry Yves.", hoy Jesosy.

Nanomboka teo dia tena nahavaky ny fon'i Yves tanteraka ny fahitany ireo olona izay nantonin'izy sy i Jesosy. "Nirotsaka ny ranomasoko… Nalahelo be aho !", hoy izy. "Tsy hitako izay natao. Te hanavotra azy ireo hiala ao anatin'ilay afobe foana aho nanomboka teto".

"Fantatro ange Jesosy io olona io e", hoy Yves

"Eny, hoy Jesosy, fantatrao io, fa andao fa tiako hihaino zay lazainy ianao"

Nirotsaka ny ranomasoko, hoy i Yves, fa tsy tantiko ny nahita ity lehilahy ity izay kilan'ny afo ary mahatsapa izany fandoroana atao aminy izany. Namako izay vao maty tamin'ny volana novambra 2010 lasa teo mantsy izy io. "Tena i Rija io anaty afo io, hoy fotsiny aho, sady nitomany aho".

Saika tsy nety handeha intsony aho, hoy i Yves, ary niteny tamin'i Jesosy mihitsy aho hoe "tsy vitako intsony. Fa maninona no olona fantatro no asehonao ahy ?".

"Soa fa napetrak'i Jesosy teo an-tsoroko avy hatrany ny tanany sady nosakambininy aho dia nolazainy hoe "aza matahotra ianao fa miaraka aminao foana Aho, raha matoky Ahy ianao". Dia nisy fiadanana indray tato anatiko, ary nisava ilay alahelo be teo".

Nanantona an'i Rija izahay :

"Efa nahalala sy nahare ny momba Ahy ve ianao ry Rija?" hoy Jesosy nanontany azy

"Eny, efa henoko ny momba Anao", hoy Rija

"Ahoana no nahalalanao an'izany", hoy Jesosy taminy indray

"Nisy namako iray izay atao hoe Yves nitory tamiko fony izaho teny an-tany fa nataoko vazivazy avokoa ny zavatra nolazainy. Nomenay "surnom" mihitsy aza izy tamin'izany hoe "rapresy" (presbitera)" – "Vonjeo aho Jesosy a. Vonjeo aho fa mijaly be. Esory ato amin'ity helo ity aho"

Niteny tamiko Jesosy avy teo hoe "tsy afaka ny hamonjy azy intsony aho". "Tena efa tara loatra! "

---

Taorian'ilay namako dia nentiny tany amin'ny efitra fahatelo indray aho ary nanantona olona iray indray izahay.

Akory ny hatairako hoy ianareo raha nahita fa bebenay io olona fahatelo nantoninay io. Tena ontsa be ny foko. Nalahelo be aho dia hoy aho mantsy an'i Jesosy hoe "Fa io nenibenay io ange Jesosy tena tia be anay e, sady mandeha mivavaka tsy tapaka isaky ny alahady tao amin'ny fiangonana FJKM iray izay foana izy fony fahavelony nefa maninona izy no aty?"

"Ie, marina izany ry Yves, fa zao, fahazarana fotsiny no nandehanany tany am-piangonana tamin'ireny fotoana ireny fa tsy nandray Ahy, tsy nanao Ahy ho antom-pahavelomany teo amin'ny fiainany izy fa "routine" no nahatonga azy hivavaka tany am-piangonana".

Tena kepoka aho. Tsy niteny intsony fa nalahelo be

---

Niditra tamina efitrano hafa indray izahay ary nahita tovovavy iray izay mijaly fatratra ao anaty afo. Miantso "vonjeo" izy. Mikiakiaka be. Mijaly loatr'e !

Niahotra indray aho. "Izaho, ho aho, Jesosy tsy hanantona eny. Tsy ho eny aho. Olona fantatra koa io olona asehonao ahy io"

"Ie, fantatrao tokoa io, fa andao ho eny fa misy tiako ho henonao izay lazainy amintsika".

“Izy io mantsy (ilay vehivavy) dia sipako fony aho mbola tany amin’ny lycée”, hoy i Yves. “Niaraka taminy aho fa avy eo izahay dia nisaraka.”

Efa lasa teo amin’ny 3m teo ho eo Jesosy vao nanaraka azy avy tato aoriana aho.

“Inona no nahatonga anao aty amin’ny helo aty”, hoy Jesosy tamin’ity tovovavy.

“Nisy olona nandratra ny foko tany an-tany dia namono tena aho dia lasa taty”

“Iza izany olona nandratra ny fonao izany?”, hoy ihany Jesosy nanontany indray.

“Any izay olona atao hoe “yves” izay!”

Fa tsy hitako oa izay natao… Tena nalahelo be aho !

Te hamonjy azy fatratra aho kanefa raha vao mamindra 1m d’efa mamay be tsy azo idirana ilay toerana. Tsy afaka nanao na inona na inona mihitsy aho nanoloana izany rehetra izany.

---

Nifindra efitra iray indray zahay avy teo ary niresaka tamina vehivavy anankiray izahay (Soa fa tsy fantatro io vehivavy io!)

Tena nijaly tanteraka izy satria sady may ny afo ny tenany, toa ireny poulet grillé ireny, no mivoaka kankana ny sofiny roa ary misy bibilava miditra eo amin’ny fivaviany dia mivoaka eo amin’ny vavany. Tena mijaly be!

“Hitanao io vehivavy io ry Yves ?”, hoy Jesosy

“Ie, hitako io Jesosy”

“Toa izao no mahazo ny vehivavy izay feno hajejojejoana (allumeuse, mpijangajanga) tamin’ny fahavelomany “

“Fa tena fahoriana ry reto zany a”, hoy i Yves teo am-pitantarana.

Nandritra ireo “visite” nataonay ireo, hoy i izy, dia nisy fotoana Jesosy latsa-dranomaso mihitsy fa nalahelo loatra an’ireto olona mijaly sy fadiranovana ao @ helo noho ny tsy fibebahany fony fahavelony.

Hay zany Jesosy tena malahelo mihitsy rehefa misy olona tsy manolon-tena ho Azy. Saingy tsy afaka manao na inona na inona intsony Izy ho fanavotana an’izy ireo satria efa tara loatra.

---

“Taorian’ireo “visite” natao ireo dia naheno feo mikorontsana (toa ireny firotsahan’ny vola atao amin’ny machine filokàna ireny (jackpot e) aho”, hoy Yves.

Nanontany an’i Jesosy aho hoe “inona izany?”.

“Andao fa ho entiko any mihitsy ianao izao”, hoy Jesosy

Niditra teo amin’ilay efitra nahenona ilay feo izahay.

Akory ny hatairako nahita ny filatsak'ireto olona avy any (avy aty an-tany ho any amin'ny helo) toy ny @ jackpot mihitsy.

"Toa izao ny fahatongavan'ireo olona izay hiditra ny helo", hoy Jesosy.

Tsy mahatsapa mihitsy izy ireo amin'ny voalohany aloha hoe tonga aty amin'ny helo, fa rehefa sarangotin'ny devoly avy eo vao tonga saina hoe "tena aty amin'ny helo kay ty zaho". Ary eo vao tora-kovitra… nefa tsy afaka ny ho aiza intsony !!!

"Aziatika sy karana no tena hitako maro be tao amin'ireo olona ireo" hoy Yves.

---

Niala teo izahay dia hoy Jesosy mantsy ahy hoe "entiko hitazana etsy amin'iry varavarankely iry ianao dia hahita zavatra"

Nanantona ilay varavarankely izahay.

Nisy efitra lehibe izay toerana fivorian'ny devoly. Nivory mihitsy ry zareo tamin'io fotoana io .

Manana sefo ry zareo. Tena ratsy tarehy be mihitsy io sefony io (mena maso be, misy tandroka anankiroa, ary misy takelaka boribory eo amin'ny lohany). Izy no manome ny baiko an'ireto devoly marobe manatrika ny fivoriana.

"Manomboka izao dia ataonareo izay hahazoanareo olona betsaka indrindra ho tonga aty amin'ny helo. Tsy te haheno intsony aho hoe tsy nahatondra fa tsy maintsy mitondra ianareo", hoy Ilay sefon-dry zareo.

"Maha te hitifitra totohondry ange ry reto zany e. Maharomotra ny mahita an-dry zareo manao fivoriana hanafiahana antsika olombelona. Tena maharikoriko be", hoy Yves eo am-pitantarana.

Tapitra ny tenin'ilay sefo dia nisy devoly iray niteny "Ilay izy ange ry sefo, tena tsy mahavita na inona na inona mihitsy zahay rehefa mampiasa ilay anarana hoe JESOSY ry zareo e"

Tezitra avy hatrany ilay sefo sady nitabataba be hoe "tsy ilaiko miteny zany anarany izany intsony ianareo eto amin'ity toerana ity" sady novonoiny avy hatrany ilay devoly nilaza izany.

Nifarombaka nihinana ny tsinain'ity devoly maty ity avokoa ireo devoly ambiny rehetra teo.

---

"Tapitra izay, hoy Jesosy, mantsy an'i Yves, ny aty amin'ny helo fa ho entiko ho any an-danitra amin'izay ianao.

"Ok" hoy Yves.

---

Eo ankaviako mandrakariva Jesosy rehefa mandeha zahay.

Tonga nanoloana vavahady vy lehibe anankiray izahay. Volamena beuuu !

“Tena mifanohitra be tamin’ilay tany @ helo satria rivotra malefaka, manitra mahafinaritra. Tena hafa e ! “, hoy Yves

Nosokafan’i Jesosy ilay vavahady volamena.

Vao niditra dia volamena ny lalana nitsahina. Voninkazo havia sy havanana no hita sady tsara tarehy be.

“Jereo, hoy Jesosy, fa tena mahafinaritra sady malalaka tsara ny aty. Tena mbola malalaka be”.

Marihina, hoy Yves, fa teny naverimberin’i Jesosy taminy hatrany ny teny hoe “tena mbola malalaka” isaky ny mandalo toerana iray.

“Hitanao hoy Izy, iry trano iry ?”

“Eny”, hoy Yves

“Io no atao hoe “palais de louange”. Rehefa misy olona iray miova fo ka manolon-tena marina ho an’Andriamanitra any an-tany any dia misy fiderana be ataon’ny anjely ao amin’io toerana io”.

Misy zava-maneno maro be ilay toerana ary vita amin’ny volamena avokoa ireo zava-maneno ireo.

“Dia hitanao fa tsy mbola misy fiderana aloha ao zao, hoy Jesosy mantsy an’i Yves, satria mbola tsy misy miova fo amin’izao fotoana handalovanao eto izao”

“Tena gravy izany ho’aho”, hoy Yves : “Tany amin’ny helo, mirotsaka ohatra ny “jackpot” ny olona, kanefa aty an-danitra toa mangina be…! Mbola vitsy ny olona miova fo marina ho an’Andriamanitra. Mampihorin-koditra!”, hoy ihany izy.

Isaky ny mandroso izahay (Yves sy Jesosy) dia tsara tarehy avokoa zay jerena rehetra.

“Ho entiko ao an-tranon’ny Ray ianao ry Yves” hoy Jesosy

“Eny ary Jesosy”, hoy aho.

Nahatsapa Yves fa lasa niakanjo fotsy mirebareba izy ary nisy satro-boninahitra (couronne) volamena iray nipetraka teo ambony lohany.

“Ny lalana mankany amin’ny fiandrianan’ny Ray dia vatosoa tsara tarehy avokoa”, hoy izy.

“Hitako ilay seza fiandrianan’ny Ray izay volamena ihany koa. Nipetraka teo ambonin’io seza io Izy. Manjelatra be ny lohany. Tsy hay nojerena izany fa ny tongony no hitako”, hoy Yves

“Teo ankavanan’izany seza nisy ny Ray Masina izany dia nisy seza iray volamena izay tsy nisy an’iza n’iza. Mazava ho azy satria Jesosy mbola miaraka amiko manao “visite”.

“Inona Jesosy, hoy Yves no ataon’ireo olona manoloana ny seza fiandrianan’Andriamanitra Ray ireo ? Toa miankohoka miaraka amin’ny anjely?”.

“Ireo, hoy Jesosy, dia mivavaka isan’andro isan’alina ho anareo any ambonin’ny tany any. Mitondra am-bavaka anareo izy ireo”.

“ Vita izay dia nahatazana tanàna tsara tarehy izahay. Tena tsara tarehy zany toerana izany !”, hoy ihany Yves

Dia hoy ny Tompo taminy: “tsy mbola ho any isika ry Yves anio, fa aleo amin’ny manaraka ianao ho entiko any indray, raha mbola vonona ”

“Izaho amin’io tena liana be hoe inona indray ary io tanàna io. Sady misopirana sy mitsikilo any ihany ny masoko”.

“Nihaniala ilay akanjo fotsy nanaovako rehefa avy nijery ilay fiandriananan’ny Ray izahay”.

Dia hoy Jesosy tamin’i Yves avy eo: “Averiko ho any an-tany ianao ry Yves rehefa vita ny resaka farany tiako holazaina anao”

“Ok, hoy aho sady nilaza an’eritreritra aho hoe “Hay, d’efa tsy mijanona aty zany ialahy RaYves, fa mbola ho velona ialahy “

“Somary niady varotra kely tamin’i Jesosy aho, hoy Yves, ny amin’ny hoe “maninona moa raha ho entiko any an-tany ity “couronne” ity Jesosy mba ho hitan-dry zalahy hoe taty an-danitra marina aho”.

Dia nihomehy kely Jesosy sady niteny hoe “tsy mila manaporofo izany ianao ry Yves fa lazao fotsiny ny hafatra sy ny lesona rehetra hitanao tamin’ny fitsidihana rehetra niarahako taminao”

“Eny ary”, hoy Yves tamin’i Jesosy

---

Dia niresaka tamin’izay Yves sy Jesosy :

“Tadidinao ve ry Yves ny lesona rehetra hitanao taty”

“Eny” hoy Yves, sady nanambara ireto teboka manaraka ireto teo anatrehan’i Jesosy izy :

1/ Rehefa misy olona mitory ny Aminao sy ny filazantsara dia tsy azo atao ny mihanihany na manamaivana izany

2/ Tandremana tsara sao lasa fombafomba sy fahazarana fotsiny ny mivavaka. Tena ampiharina @ fiainana izany. Ary atao vaidohan-draharaha mihitsy na dia @ zavatra kely aza. Tsy maintsy misaina ny amin’ny aty ambony (an-danitra) amin’izay fa tsy ny any an-tany ihany. Tsy tokony ho variana @ fiainana an-davan’andro be loatra.

3/ Mila mitandrina tsara ny @ teny na fihetsika atao amin’ny olona (na iza na iza) fa sao miteraka ratra-po ho azy izany.

4/ Tsy azo atao ny mijangajanga sy ny mitsiriritra vadin’olona. Tena mitondra ny olona iray ho any @ helo izany raha tsy miala amin’izany izy.

Dia hoy Jesosy avy eo “misy teny hafa tiako lazaina anao koa ireto” :

5/ « Ny ankamaroan’ny olombelona dia tsy mangataha toro-hevitra aty Amiko mihitsy mialohan’ny hanaovana zavatra iray. Fa matetika, rehefa tsy mahita izay alehany intsony izy vao miantso Ahy na mangataka vonjy Amiko”. Manomboka izao dia mila manontany ny hevitro ianareo rehetra ny amin’ny tokony hanaovana zavatra iray na tsia ary mahazo vali-teny avy aty Amiko vao manatanteraka izany na tsia.

6/ Rehefa mangataka zavatra Amiko ianareo dia ataovy “précis” tsara izay tianareo angatahina. Aza misalasala mihitsy ny amin’izany na resaka vola na fitaovana na zavatra hafa, na inona na inona)

7/ “Torio amin’ny olona rehetra ny Amiko, sy ity fitsidihana nataontsika taty ity:

- Eo amin’ny ankohonanao
- Eo amin’ny namanao
- Eo amin’ny fiaraha-monina misy anao (an-tanàna, any am-piasana ets…)
- Eo amin’ny firenena (Madagasikara) izay misy anao.

8/ “Hisy firenena iray hofoanako tsy ho eo ambonin’ny tany intsony (rayé de la carte) satria tena mipàka aty amiko loatra ny tsy fanompoan’io firenena io Ahy :

- “Dia ohatra an’ilay tany Japon ve zany, Jesosy ?, hoy Yves. “Tena efa nahery be ange ny horohoron-tany sy ilay “tsunami” ary ny problema hafa mahazo an-dry zareo taorian’iny e !”.
- “Ie, marina izany tenenin’i Yves izany fa izao, tena mbola mihoatra lavitra noho iny no hahazo an’io firenena iray io satria hofoanako tsy hisy intsony izy”.

9/ “Dia jereo ange ny ao Europe ao ry Yves, hoy indray Jesosy avy eo. Tena lalaovin’ny devoly mihitsy ny fotoanan-dry zareo ao, mba tsy hisy irika hahafahan’ireo olona ireo hanompo Ahy”.

10/ “Ilazao ny olona rehetra any ary miambena hono hoe fa efa akaiky ny fiverenako”, hoy Jesosy nanohy ny teniny:

- “Afaka lazainao ahy ve Jesosy hoe rahoviana marina ianao no ho tonga any?”
- Sady nihomehy Izy no niteny hoe “tsy afaka hilaza izany aminao Aho satria ny Raiko ihany no mahalala izany fa ilazao fotsiny ny olona rehetra hiambina sy hiomana fa efa akaiky ny fotoana hiaviako.”

Dia tafaverina tety an-tany Yves taorian’io.

---

Aza variana amin’izao fiainana izao intsony ary aza manao kitoatoa ny fifandraisanao amin’Andriamanitra;

Saino ny any an-danitra ary atolory ho an’Andriamanitra ny fiainanao sy ny aminao rehetra. Ianao irery no erany ary tandremo sao tara fa tsy afaka manao na inona na inona aminao intsony Jesosy amin’izay fotoana izay.

Zarao amin’ny olona (na fantatrao na tsy fantatrao) ity hafatra ity fa izany no sitrapon’Andriamanitra. Ho faly Jesosy ny amin’izany fihetsikao izany ary hotahiany amin’izay hataonao rehetra ianao satria nahatanteraka ny “mission” nampanaoviny anao ianao.

Ny Fanahy Masina anie hirotsaka aminao ary hanome anao hery vaovao ho amin’ny fanovànao ny fiainanao tsara kokoa noho ny teo aloha, mba ho sitrak’Andriamanitra TOKOA ny aminao manontolo.

Mahereza ary samy ho tahian’i Tompo isika rehetra

Landy R.
Mpino iray nanatrika sy naheno io fijoroana vavolombelona io izay natao tamin’ny alahady 27 marsa 2011 lasa teo.